



**TATITRY NY ATRIKASA FAHAROA HO AMIN'NY «
FIOVAOVAN'NY TOETR'ANDRO, NY FANDAMINANA DISADISA
ARY FAMPANDROSOANA ARA-TOEKARENA HO AN'NY
KAOMININA AMBALAVAO »
Dingana faha 5-7-8**



**31 Janoary hatramin'ny 03 Febroary 2012
Efitrano fivoriana, Kaominina Ambalavao,
Distrika Antananarivo Atsimondrano, Faritra Analamanga**

MADAGASIKARA

Fizahan-takelaka

FAMINTINANA	PAGE 3
ZAVA-MISY	PAGE 5
FIZOTRY NY ATRIKASA.....	PAGE 6
VOKATRA	PAGE 16

Tovana

- A – FANDAHARAM-POTOANA
- B – FANAMARINAM-PAHATONGAVANA (Lisitry ny mpizaika)
- C – DRAFITR'ASA NASIAM-PANITSIANA
- D- VOKTRY NY TOMBANA

FAMINTINANA

- **Dingana, daty, toerana:**

Ny Fiofanana andiany faharoa « Fiovaovan'ny toetr'andro, serasera sy fampitam-baovao, fampandrosoana ara-toekarena ifotony, fandaminana ny disadisa sy ny ady » no notanterahana ny 31 janoary 2012 ka hatramin'ny 03 febroary 2012 tao amin'ny efitrano malalaky ny Kaominina Ambanivohitra Ambalavao Distrika Antananarivo Atsimondrano.

- **Ireo tompon'andraikitra nanatrika ny fanokafana sy lahateny nisongadina**

Nahitana ny Ben'ny Tanana, Andriamatoa RAZANAMAHEFA Njatonirina ; ny Lefitry ny Ben'ny Tanàna, Andriamatoa RANDRIASOLOFOSATA Jeanson, tamin'ny andro voalohan'ny faha 31 janoary 2012 izay niantomboka tamin'ny 09 ora maraina.

Ny Ben'ny tanana no nanokatra ny fotoana, niry soa sy niarahaba ireo mpandray anjara rehetra ary nankasitraka ny fahatongavan'ny mpampiofana, dia Andriamatoa RANDRIAMAHEFA Justin avy amin'ny Association des Elus Sensibles au Genre (A.E.S.G.) sy Ramatoakely isany FANJATIANA Fredericke sy ONIMANANJATOVO Solonjanahary avy amin'ny ONG Miarintsoa, Mpitao raharaha amin'ny Programa SAHA ; hiara-misalahy amin'ny fampiofanana.

Rehefa nandray fitenenana ny solotenan'ireo mpampiofana, Andriamatoa RANDRIAMAHEFA Justin, dia naneho ny fisaorana ny Ben'ny Tanàna sy ireo mpandray anjara rehetra tonga. Nitondra ny fanazavany izy mahakasika ny:

1. Ny fampahatsiahivana ireo Dingana miisa 5 vita teo aloha :
 - Fihaonana tamin'ny tompon'andraikitrin'ny Kaominina
 - Fanadihadiana ny zava-misy
 - Fandrafetana drafitr'asa
 - Fidinana teny ifotony
 - Fankalazana ny 16 andro hiadiana amin'ny herisetra
2. Ny antom-pahatongavan'ny ONG MIARINTSOA sy ny Fikambanana AESG eto Ambalavao indray
3. Ny dingana manaraka mbola hatao mandritra ny 4 andro:
 - Ny serasera sy ny fampitam-baovao
 - Ny miralenta sy ny fampandrosoana eny ifotony
 - Ny miralenta sy ny fiovaovan'ny toetr'andro
 - Ny tetibola mitsinjo ny miralenta
 - Ny teknolojia vaovao; ny internet
 - Sommet nasionaly sy fanangonana ireo bonne pratique

- **Firafitra sy fizotry ny fandaharana (jereo tovana A)**

Ny andro voalohany dia natokana hanazavana voalohany ny momba ny Fifaninanana nasionaly izay hatao eto Madagasikara. Nohazavaina koa ny mahakasika ireo sokajy miisa 9 azo hifaninanana.

Ampahibemaso kosa no nampanantenana ny mpanatrika fa isaky ny misy fotoana isan'andro mandritra ny efatra andro hiarahana eto dia ho resahina foana ny mahakasika ny fanontaniana momba ny bonnes pratiques sy ny sommet national.

Rehefa napetraka tamin'Andriamatoa Ben'ny Tanàna ny olana mahakasika ny tsy fisian'ny réseau téléphonique hanaovana ny fampiofanana internet. Hita ny vahaolana satria dia tapaka fa rehefa hanao ny fampiofanana mahakasika ny internet dia ao amin'ny Ecole privée Mahefasoa eo akaikin'ny Biraon'ny Commune no hatao ny fampiofanana, ka tany amin'ny rihana fahatelo izany. Ary dia nilamina tsy nisy olana intsony ny mahakasika ny réseau.

- **Mpandray anjara (jereo tovana B)**

Voasolo tena tao antin'ny mpandray anjara ireo sehatra isan-karazany toy ny Fokontany, ny Mpanolontsaina kaominaly, ny Mpanatanteraka, ny Fikambanana tantsaha indrindra ireo fikambanam-behivavy, ny sehatry ny Fampianarana, ary tsikaritra ny faharetan'izy ireo hatramin'ny farany nahavitana nanitsy ny Drafitr'asa arak'ireo lohevitra niofanana.



RAZANAMAHEFA Njatonirina
Ben'ny Tanàna



RASOLOFOARINIVO Andrianantenaina
Filohan'ny Filankevitra kaominaly

- **Drafitr'asa nasiam-panitsiana (jereo tovana C)**

Tafiditra tao anatin'ny fanazavana nomen'ny mpampiofana hatreny am-piandohanana ny tsy maintsy hananan'ny Kaominina Ambalavao Drafitr'asa ifotony nasiam-panitsiana mahakasika ireo lohahevitra iompanan'ny fampiofanana mandritra ny efitra andro. Isan'ny navoitra tamin'izany fa :

1. Ny Drafitr'asa novolavolaina nandritra ny Dingana fahatelo no iaingana hampidirana ireo tetik'asa mivoaka amin'ny asam-baomiera nampandalovina ny asa itambarana ho an'ny Kaominina Ambalavao.
2. Ilaina noho izany ny fandraisan'ajaran'ny tsirairay mba ho drafitra miaina sy azo tanterahina ety ifotony no mivoaka eo.
3. Ireo tranga sy singa samihafa hivoitra mandritra ny fampiofanana isaky ny lohahevitra dia efa hanampy sahady ireo mpizaika hameno ny fafana ho amin'io Drafitr'asa hasiam-panitsiana io.
4. Ny dingana mbola ho lalovan'izany Drafitr'asa hivoaka eto amin'ny atrik'asa izany, mandalo indray amin'ny fankatoavan'ny Filankevitra Kaominaly ka hahatonga azy ho manana endrika tsy azo idovirana.

- **Tombana (jereo tovana D)**

Amin'ny ankapobeny dia tafita ny hafatra fototra iompanan'ireo lohahevitra nampiofanana. Fanontaniana mipetraka ho azy ireo tsirairay ny fisalasalana ny amin'ny mety hahavitan'izy ireo mandray anjara amin'ny fifaninanana nasionaly.

Irian'izy ireo ny hanaovan'ny mpampiofana tantsoroka ho azy ireo amin'ny fanangonana sy famenoana ny bonnes pratiques ho azy ireo. Ary dia nanaiky izany ny Mpampiofana fa ilaina ny fandaminana ny fotoana hiaonana.

ZAVA-MISY:

- Tantara tsotran'ireo rafitra telo

Ny Gender Links dia Fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana na Organisation Non Gouvernementale iray manana ny foiben-toerany atsy Afrika Atsimo, miasa ary mampiroborobo ny Miralenta sy ny ady amin'ny Herisetra indrindra mianjady amin'ny Vehivavy sy ny Ankizy. Firenena 14 manerana ny Faritra Atsimon'i Afrika no iasan'ny Gender Links ka isan'izany i Madagasikara. Tamin'ny volana jolay 2011 no nomarihina ara-pomba ofisialy ny fisokafan'ny masoivihony eto Madagasikara.

Ny Programa SAHA dia fandaharan'asa iray vatsian'ny Governemanta Soisa vola. Miasa amin'ireo Kaominina sy vondrona ifotony amin'ny alalàn'ny tohana ho fametrahana ny Fanjakana tsara tantana sy amin'ny lafiny maro no hahafantaran'ny rehetra azy.

Ankoatra ireo Kaominina izay efa voafidin'ny Gender Links ho "centre d'excellence" na "Ivotoerana mendrika amin'ny fametrahana ny miralenta eny ifotony" ka efa mampihatra ny fijery Miralenta tamin'ny taona 2010, dia nihitatra tamin'ireo sehatra hafa toy ny fikambanana misahana ny Miralenta sy ny Fitondrana ifotony ny fanaparitahan'ny Gender Links ny asany tamin'ny 2011;

Nohon' ny fahatsapan'ny roa tonta, dia ny ONG Gender Links sy ny Program SAHA ny fifamenoan'ny tanjona napetrak'izy ireo tsirairay avy, indrindra ny mahakasika ny fampahombiazan'ny Fitondrana ifotony eto Madagasikara, dia nanao Fifanekem-piarahamiasa vita Sonia ny volana jolay 2011 izy ireo, ka ny tanjona napetraka dia ny fampidirana ny fomba fijery miralenta amin'ny fitantanana eny ifotony. Kaominina miisa 16 izay iasan'ny Programa SAHA no nofidiana hanatanterahana ny tetikasa fampiroboroboana ny miralenta sy ny ady amin'ny herisetra ary isan'izany ny Kaominina Ambanivohitra Ambalavao, Distrikan'Antananarivo Atsimondrano, Faritra Analamanga.

Ny Kaominina Ambanivohitra Ambalavao izay manana velarana 44 km², ahitana Fokontany miisa 15, dia miorina eo amin'ny 26 Km miala an'Antananarivo Renivohitra, ary andalovan'ny Lalam-pirenena faha 7. Manana mponina miisa 11 946 izy, ka ny 5 836 (48%) dia lehilahy ary 6 110 (52%) dia vehivavy.

Ny fanadihadiana natao dia nahitana ireto fotodrafitr'asa ireto :

- Fokontany 4/15 no manana rano fisotro madio dia :
 - Ambalavao paompin-drano miisa 08
 - Ambohidavenona paompin-drano miisa 06
 - Ambohibarikely paompin-drano miisa 06
 - Ambohibary paompin-drano miisa 02
- Fokontany 4/15 no voavatsy herin'aratra :
 - Ampangabe
 - Antamboho
 - Ambalavao
 - Anosibe
- Centre de Santé de Base niveau II miisa 01
- Ecole Primaire Publique miisa 11, ary Privée miisa 03
- Collège d'Enseignement Général miisa 01, ary Privé miisa 02
- Lycée Privé miisa 02
- Kaoperativa fitaterana miisa 03

- Isan'ireo fikambanana mijoro ara-dalàna : 52
- Poste Avancé zandarmaria ao Ambatofotsy Commune Tsiafahy
- Toeram-pitsangatsanganana : Parc Analamanga, Grotte Amboniandrefana
- Ny 95% ny mpoinina dia mivelona amin'ny fambolena, fiompiana, asa tanana

FIZOTRY NY ATRIKASA

- Fizotry ny atrikasa nanomboka teny am-piandohana ka hatramin'ny nifaranany

Isan'ny Mpizaika : 26 ny isan'ireo mpizaika izay nahitana mpiasan'ny kaominina , mpanolontsaina sy birao mpanatanteraka kaominaly, mpampianatra, Sefom-pokontany, Fikambanana samihafa (fikambanam-behivavy).

Naverin'ny mpampiofana indray teto ireo fanazavana rehetra natao mahakasika ireo Dingana efa vita sy ny mbola hatao tafiditra ao anatin'ny fepetra maha Commune Centre d'excéllence.



Rehefa izany dia novelabelarina amin'ny ankapobeny tamin'ny mpiofana ny mombamomba ireo lohahevitra iompanan'ny fampiofanana faharoa ity.

Tsapa teo ampanombohana fa na dia efa fahenon'ny ankamaroan'ny mpizaika aza ny lohahevitra hatao, dia hita ihany fa liana izy ireo ny amin'izay ho hita mandritra ny efitra andro.

Tena nampisalasala ny rehetra ny fomba famenoana ny formulaires bonnes pratiques, taorian'ny nahazoan'izy ireo tsara ireo sokajy miisa 9 azo ifaninanana.

Ho an'ny Sefo Fokontany Ambohimamory, Madame Jeannine ohatra, dia efa maro ireo hetsika nataon'izy ireo saingy tsy nisy naka sary tamin'izany.

I- FANAZAVANA MIKASIKA NY SOMMETS NASIONALY SY REJIONALY

(Daty nanaovana azy : 31 janoary 2012 tamin'ny 09h15 – 11h15)

Rehefa vita ny fanolorana ny fandaharana dia niroso t@ votoatin'ny atrik'asa, ny nisantarana izany moa dia ny fanazavana ny antsipirihany ny mikasika ny sommet nasionaly sy ny sommet rejionaly. Teny antsefatsefan'ny fanazavana teny dia maro be tokoa ny fanontaniana napetraky ny mpizaika, ary saiky nahitam-baliny avokoa izany, izay azo fintinina toy izao manaraka izao :

- Ny sommet national, izay haharitra telo andro, dia fihaonan' ireo Commune Centre d'excellence, na ny mbola tsy tafiditra amin'izany, ireo olona avy amin'ny vondrona na fikambanana, na koa olon-tsotra efa nanao zavatra na hetsika nentina nampiroborobo ireo lohahevitra hita anaty formulaires izay efa nanaovana dika mitovitovy maromaro ary azon'ny tsirairay nojerena. Eo noho izany ny fifanankalozana fomba fiasa na fanao mandaitra any amin'ny toerana iray, ankoatry ny maha fifaninanana azy ihany koa. Voalohany natao teto Madagasikara izy io tamin'ity taona ity, ka izay tafavoaka eo no hiatrika ny fihaonana/fifaninanana any Afrika Atsimo.
- Eto Antananarivo no hatao ny sommet national amin'ny volana martsa 2012, ka raha ny toromarika voaray farany dia hisy sivana mialoha hatao amin'ireo mpandray anjara nahafeno ara-dalàna ny formulaires de bonnes pratiques. Tsy ho ferana noho izany aloha izay te hamerina.
- Misy lohahevitra miisa 8 no azo ifaninanana, ankoatry ny natokana ho an'ny Commune Centre d'excellence, dia ny Prevention (fisorohana); Campagnes stratégiques; Réponse (fandraisana andraikitra manoloana nyherisetra); Soutien (fanampiana na fanohanana); Fampanandrosoana ara-toekarena ifotony; VIH/SIDA; Institution; Leadership. Afaka milaza ny tsara vitany ny kaominina (bonnes pratiques) ary arafitra anaty formulaires avokoa izany. Ilaina ny sary sy izay tahirin-kevitra rehetra ho porofo amin'izay filatsahan-kifaninanana izay.
- Dia alefa ao anaty solosaina izay rehetra voalaza ao anaty formulaires, ka ny mpifaninana tsirairay, araka ny sokajy misy azy avy, dia hanao famelabelarana eo anatrehan'ny mpitsara (juges) sy ireo mpanatrika mandritra ny folo minitra eo ny zavatra nasehony. Harahan'ny fametraham-panontaniana izany avy eo.
- Ny sommet rejionaly izay hatao atsy Afrika Atsimo dia tandindon'izay voalaza etsy ambony izay. Izay rehetra tafavoaka amin'ny sommet nasionaly, dia hiantohan'ny Gender Links ny saran-dalany, sy ny lany rehetra amin'ny fivahinianany mandritra ny efatra andro eo. Anjaran'izay handeha kosa ny manao izay hahazoany passport, raha mbola tsy manana izany izy, kanefa moa nambaran'ny mpampiofana taminy fa afaka manolo-tanana ho amin'izany ny Fikambanana AESG.
- Nifanaraka ny rehetra fa mba tsy handany fotoana be loatra, dia afaka tohizana ihany isaky ny mandeha ny famaliana ny fanontaniana hafa mahakasika ireo sommet roa ireo.



Vitrika asehon'ny mpizaika



Andrana famenoana formulaire

II- NY MIRALENTA SY NY FAMPANDROSOANA ARA-TOEKARENA ENY IFOTONY

(Daty nanaovana azy : 31 janoary 2012 tamin'ny 11h30 – 14h00)

Tanjona : Niaraha-namaky ireo fepetra voalaza mikasika ny loharanom-pamokarana sy ny asa ao amin'ny Fifanarahany SADC momba ny Miralenta.

Tanjon'ny lohahevitra:

- Fandraisan'ajaran'ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny famolavolana paika ara-toekarena sy amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra
- Fampahefana eo amin'ny fiharian-karena
- Fananana loharanom-pamokarana

Zavatra natao:

- Fanaovana cartonnette mahakasika ny zava-misy eo amin'ny Commune miohatra amin'ny tanjona sy ny fepetra. Hita tamin'izany ireto loharanon-karena ireto:
 - Fambolena zanan-kazo
 - Voninkazo
 - Mananasy
 - Asa tanàna
 - Voly avotra
 - Fizahan-tany....
- Famakiana sy fizarana ny tanjona sy ny fepetra F.A.A izay voalazan'ny Andininy faha 15; 17 ary 18
- Fizarana tarika 2 nandinika ireto mahakasika ny sakana tsy ahazoan'ny vehivavy mandray anjara amin'ny famokarana ara-toekarena sy ny azon'ny Commune hatao hamahanaireo olana ireo. Nisongadina nandritra ny tatitra nataon'izy ireo tamin'izany ireto tranga manaraka ireto :
 - o Sakana mahatonga ny vehivavy tsy mandray anjara amin'ny asa fampandrosoana eny ifotony :



- Tsy ampy fanentanana
- Tahotra amin'ny fandraisana andraikitra
- Fahasahiranana eo amin'ny fivelemana
- Fikojakojana ny ao an-tokratano
- Tsy fahampian'ny serasera
- Herisetra mivantana sy an-kolaka
- Tsy fahampian'ny fahaiza-manao
- Raiki-tapisaka
- Tsy fandanjalanjana ny andraikitry'ny lahy sy ny vavy

Sefo Fokontany manao ny tatitry ny asam-baomiera

- o Ny azon'ny Commune hatao hamahana ny olana :
 - Fampahafantarana ny Zon'ny rehetra
 - Fanovana toe-tsaina
 - Fanentanana sy fampahafantarana ny lalàna velona mifehy ny asa rehetra
 - Fidinan'ny Kaominina ifotony (Mihaino ny feon'ny rehetra, manome sehatra)
 - Fizarana andraikitra

- Fanabeazana ny maha – olom – pirenena
- Fanentanana mikasika ny fandriampahalemana
- Hevitry ny tsirairay :
 - o Gervais: hatreto aloha mbola tsy nisy fanentanana mikasika ny fandriampahalemana. Tokony atao Global ny fanentanana.
 - o Benja chef FKT Ambohidavenona: Raha vao voantana ny toetsaina dia zavatra maro no voalazan'izay.

III- FANDRAVONANA ADY SY DISADISA

(Daty nanaovana azy : 31 janoary 2012 tamin'ny 14h00 – 16h00)

Tanjona : Niaraha-namaky ireo fepetra voalaza mikasika ny Fitondrana sy fifampitondrana notsoahina tamin'ny Fifanarahana'ny SADC momba ny Miralenta.

Tanjon'ny lohahevitra:

- Fandraisan'anjaran'ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny fandravonana ady sy fametrahana fandriampahalemana
- Fisorohana ny fanararaotana atao amin'ny vehivavy sy ny ankizy sy ny fiarovana azy ireny mandritra ny ady itanam-piadiana
- Fanomezana rariny ho an'ny olona niharan'ny fanolanana

Zavatra natao:

- Famaritana miaraka ny momba ny atao hoe ady.
 - o Tsy fifanarahana eo amin'ny olona na vondrona ka miteraka fifamonoana mivantana na ankolaka, tsy fitovian-kevitra
 - o Fifamalian'ny olona roa na maromaro (ankolafy roa samihafa)
 - o Fifanoheran-kevitra

- Nandritra ny ady hevitra no nampivoitra ireto hevitra manaraka ireto :

Norosoa Ambalavao: fisorohana ny fanararaotana atao amin'ny vehivavy sy ny ankizy.

Mme Thérèse : Misy ny ady any amin'ny FKT tsy vitan'ny FKT dia mandray anjara ny Kaominina.

Adjoint au Maire: Tsy maintsy mandalo FKT sy Kaominina vao miakatra amin'ny ambaratonga manaraka.

- Ny olona sy disadisa matetika dia any amin'ny FKT sy kaominina vao miakatra amin'ny ambaratongamanaraka.
- Ny lehilahy ihany matetika no mandray anjara amin'ny fandravonana ady sy disadisa

Tsoakevitra :

Ny disadisa dia tarehin-javatra iray maha-faty antoka , tsy mitondra fampandrosoana.

Oh : Mpivady miady...

Fampiasana :

Fizarana tarika telo ho amin'ny seho an-tsehatra

Lohahevitra: Fampiasana lalana misy barrage de pluie , adiny 4 aorian'ny fitsaharan'ny orana vao azo andehanana ny lalana fa mihidy. Lasa sakana ho an'ny fikaramana sy famoahana vokatra

Mizara tarika telo

Tarika 1: Vondrom-bahoaka (Mpamboly, mpamokatra...)

Tsy ekenay mpahazo tombotsoa ny fepetra napetrakin'ny Kaominina amin'ny fametrahana Barazy amin'ny lalana sy fametrahana dina satria:

- Natao ho fivezivezena sy famoaham-bokatra amin'ny fotoana rehetra ilanay azy ny lalàna
- Ny vahoaka no tokony manao ny lalàna momba ny lalana hivezivezeny fa tsy ny kaominina
- Izahay no nisasatra tamin'ny lalana io
- Tsy mifanaraka amin'ny filan'ny vahoaka ny fitsipika napetraky ny Commune

Tarika 2: Ny tompon'andraikitry ny Kaominina (olom-boafidy sy teknisianina)

Ny Commune dia mpanatanteraka fa ny didy dia avy any amin'ny conseiller municipal. Andraikiny anefa ny manangona ny fitarainana avy any ifotony (Vahoaka)

Tarika 3: Mpanelanelana

Samy nohenoina



Ny Lefitry ny Ben'ny Tanàna milalao ny asan'ny Mpanelanelana eo amin'ny seho an-tsehatra

- Marina ny lazain'ny Kaominina fa tokony ho kojakoaina ny lalàna
 - Mpahazo tombotsoa: jerena ihany koa ny fiainan'ny vahoaka
 - Fijerena ny marimaritra iraisana
 - Miangavy mba hisy zavatra iray ifanarahana
 - Mifampiatso dia miara-mitady vahaolana
 - Ny vahoaka koa tokony manaja ny fotodrafitrasa, afaka mitady hevitra hafa itondrana ny vokatra, fa tsy voatery hampiasa sarety
- Tokony ahena latsaky ny adiny 4 ny ora ikatonan'ny barriere fa tsy atao lava be

Famintinana sy tsoan-kevitra

Ny tanjona amin'ny fanelanelanana dia ny olana miravina. Navoitra noho izany ny toetra sy fihetsika tokony hananan'ny olona mpanelanelana. Mety mahakasika ny tsirairay avy amin'ny mpanandray anjara izany hoe mety ho mpanelanelana izany. Noho izany:

- Ny mpanelanelana dia tsy tokony manana tombotsoa na amin'ny andaniny na amin'ny ankilany (tsy miandany)
- Mijery ny zava-misy eny ifotony
- Mahafantatra ny fototrin'ny olàna sy ny lalàna mifehy izany
- Mahay mandamina ny fandraisam-pitenenana
- Manana tolon-kevitra ho marimaritra iraisana mba tsy hampiparitaka ny hevitra
- Resy lahatra, matoky teny
- Mahay misafidy ny fotoana mety sy ny toerana hanaovana ny fanelanelanana
- Tony , mahay mandanjalanja
- Môdely alain-tahaka
- Mampiseho fitiavana sy finiavana hamaha olana

Zava-dehibe ihany koa ny fahaizana mifidy ny ho mpanelanelana , izany hoe mila mahafeno manontolo na ny ampahany amin'ireo fepetra eo ambony ireo.

Rehefa misy tetik'asa iray dia hazavaina mialoha sy ampahafantarina ny rehetra ny fitsipi-dalao sy ny fepetra mikasika iny tetik'asa natsangana iny.

IV- SERASERA SY FAMPITAM-BAOVAO

(Daty nanaovana azy : 01 febroary 2012 tamin'ny 09h00 – 11h00)

Tanjon'ny lohahevitra:

- Famakian'ny mpizaika ny tanjona voalaza ao amin'ny pejy faha 113 amin'ny Boky torolalana. Nozahina ny fahatakarany tsirairay ny hevitra tian'ny tanjona hapetraka
- Fanosehana ny vehivavy hampivoatra ny fiheverana momba azy amin'ny alalan'ny fahaizany sy ny fisehoany ahafahany maneho hevitra.

Zavatra natao:

- Famaritana ny atao hoe serasera tamin'ny alalan'ny adihevitra mivantana. Nisongadina izao fiheverana manaraka izao :
 - o Fampitana hafatra miainga amina vondrona iray makany aminavondrona iray hafa amin'ny fomba faran'izay mahomby indrindra. Ny valin-kafatra voaray no anombanana ny fahatafitan'ny hafatra sy ny vokany.
 - o
- Vaky sehatra: ampitapitao tati-bilana

Manao boribory ny mpizaika ary mifampibitsika hafatra amin'ny iray ary avy eo dia mifampitapita izany izy ireo. Lazain'ilay mpandray anjara nandray farany ny hafatra izay nolazaina taminy. Ampitahaina amin'ilay hafatra tary am-boalohany izany avy eo. Raha nisy fiovana ilay hafatra dia fantaro hoe taiza ary tamin'ny fomba ahoana no nahatonga izany.



Tsoakevitra :

- Miova ny hafatra satria lava loatra ilay hafatra
- Be ny olona nampita azy
- Tsy matotra ny mpampita hafatra
- Manjavozavo ny votoatin'ny hafatra nampitaina ...

Nisongadina ihany koa ny zava-dehibe amin'ny tsy afa-misaraka amin'ny fampitam-baovao

- Ny mpampita hafatra
- Ny hafatra hampitaina
- Ny fitaovam-pampitam-baovao
- Ny mpandray hafatra

Fampiasana :

Fampiasana ny jeu de cartonnettes hitondrana ireo hevitra momba ny :
Lohahevitra: Ireo fitaovam-pampitam-baovaovao, ny lafy tsara sy ny lafy ratsiny amin'ny fampiasana azy:

Fitaovam-papitam-baovao	Lafy tsara	Lafy ratsy
- Toeram-pandraisana taratasy (peta-drindrina, dokambarotra an-taratasy, etikety...)	- Azo antoka - Ny soratra mipetraka - Izay mandalo dia mahita	- Misy tsy mahay mamaky teny - Mora potika - Vitsy no mahita
- Olona samy olona (fifanatrehana)	- Tonga avy hatrany any atsain'ily ampitana hafatra	- Mihena na mitombo ny zavatra tiana hambara - Tsy marina - Akijery tavan'olona - Samy manana ny fahenoany azy - Tsy tonga ara-potoana
- Fomba tranainy (hira, tantara tsangana, tononkalo, dihy)	- Manintona olona maro - Sady fialamboly - Mora azo - Mandresy lahatra - Mahita ny maso, mahare ny sofina..	- Hamaivanin'ny sasany - Mora hadino
- Fitaovana mahazatra(fampeleza m-peo, fahita lavitra, gazety, gazety boky))	- miatefa amin'olona maro	- misy vaovao tsy voasivana
- Ny fiaraha-monina(vondron'olona maromaro)	- Mifanatrika mivantana - Misy fifanakalozan-kevitra	- Tsy tonga na miova ny hafatra - Ambanin'ny sasany
- Haino aman-jery (ny tranokala, ny mailaka, ny hevitra an-tranonkala) -	- Voatahiry - Haingana - Tsy miova	- Lafo - Tsy mahafehy azy - Mampiana-dratsy ny hafa - Miteraka ady

Arakin'ny hevitra navoakan'ny tsirairay dia samy ahitana lafy tsara sy lafy ratsy avokoa ny karazana fampitam-baovao misy. Anjaran'ny mpampita hafatra izany no mijery izay mety ary mampifandray sy mampifandrindra ny zava-dehibe 4 amin'ny fampitam-baovao(mpampita hafatra, hafatra, ny fitaovana fampitana hafatra, ary ny mpandray hafatra). Arakarakin'ny valin-kafatra no ahafahana manao tombana amin'ny hafatra nampitaina: ny fandraisana azy sy ny fiantraikany na ny vokatra.

V- NY MIRALENTA SY NY FIOVAOVAN'NY TOETR'ANDRO

(Daty nanaovana azy : 01 febroary 2012 tamin'ny 11h15 – 16h00)

Tanjon'ny lohahevitra:

- Famakafakana mahakasika ny momba ny fiovaovan'ny toetr'andro sy ny antony mahatonga azy, ka hahafahan'ny tsirairay mitondra tena mba ho azo antoka ny fampandrosoana maharitra

Zavatra natao:

- Fizarana cartonnettes ho an'ny mpizaika mba hanomezany ny heviny mikasika ireto fanontaniana famaritana roa ireto :

- Inona no atao hoe fiovaovan'ny toetr'andro?
- Inona no atao hoe fampandrosoana maharitra?

Fiovaovan'ny toetr'andro	Fampandrosoana maharitra
<ul style="list-style-type: none"> - Fiovana eo amin'ny toetr'andro vokatry ny asan'olombelona - Miovaova ny taona sy ny toetr'andro - Tsy mifanaraka amin'ny vanim-potoana intsony - Fizaran-taona - Fahasimban'ny tontolo iainana sy couche d'ozone - Doro tanety - Rivotra maloto vokatry ny loton'ny orin'asa (setroka) - Kely ny orana / ala - Andro maina / manorana; mangatsiaka / mafana - Fandrosoan'ny teknolojia - Mivadibadika ny taom-pambolena - Misy loza voajanahary betsaka (tondra-drano) 	<ul style="list-style-type: none"> - Fitantanana tsara sy mahomby - Fahaiza-mitantana/mangarahara - Fitsinjovana ny hoavy - Asa vita tsara mandavan-taona - Asa mifanaraka amin'ny toetr'andro sy ny zava-misy - Vita rafitra, misy fepetra - Asa mitohy, maharitra, mandeha tsikelikely - Tetik'asa ifandovana, miteraka vokatsa ho an'ny rehetra - Iarahan'ny rehetra manatontosa - Fahatsapan'ny rehetra ny fivoarana mitera-boka-tsoa - Misy fitohizany ny paik'ady ataon'ny fanjakana sy ny tsirairay - Fametrahana tontolo iainana marim-pototra - Famerenana ifotony ny harena voajanahary - Zavatra mari-roerana, mari-pototra - Tetik'asa entina manatanteraka vina iray ka ny rehetra no manao azy - Fivoarana mitera-bokatsoa ho an'ny rehetrapaik'ady ataon'ny Fanjakana sy ny tsirairay

Tsoakevitra :

Fehiny : ny fampandrosoana maharitra dia ireo fampandrosoana afaka mamaly ny filàn'ny ankehitriny, kanefa tsy manohintohina ny famaliana ny folàn'ny taranaka any aoriana. Mifandray arak'izany ny Miralenta manoloana ny fiovaovan'ny toetr'andro sy ny Fampandrosoana maharitra

Inona no antony mahatonga ny fiovaovan'ny toetr'andro?

- Fihafanan'ny bolan-tany
- Mihoatra ny fatra tokony ho izy ny Gaz mirafitra eny amin'ny couche d'ozone , mivondrona ireo manana toetrana serre na "gaz à effet de srre" izay misakana ny hafanana tokony hiakatra.

Inona ny antony mampiakatra ny fatran'ireo Gaz ireo?

- Doro tanety , hazo, entona amin'ny orinasa, essence , Gasoil, sigara...

Vokatry ny fiovaovan'ny toetr'andro?

- Fiovaovan'ny calendrier fambolena izay miankina amin'ny fiavian'ny orana
- Mitsonika ny glace any amin'ny pole ka mampiakatra ny haavon'ny rano
- Manjavona ny nosy
- Miakatra ny hafanana
- Miovaova ny fiaviana sy ny habetsahan'ny rotsak'orana...

Ny zavatra azo atao:

Azo nosokajiana telo miavaka tsara ny zavatra azo ataon'ny olombelona manoloana ny fiovaovan'ny toetr'andro :

- Manalefaka ny antony mampiovaova ny toetr'andro/ fiatraikany:
 - o Manentana amin'ny ady hatao amin'ny doro-tanety
 - o Manao ho vaindohan-draharaha ny fambolena hazo
 - o Manentana ny olona momba ny anton'ny fiovaovan'ny toetr'andro
- Mampifanaraka ny asa atao amin'ny fiovan'ny toetr'andro (fizaran-taona):
 - o Fampiasana ireo ambioka mahatanty ny toetr'andro samihafa sy nohatsaraina
 - o Fanentanana ny olona momba ireo toetra tokony ananana manoloana ny voka-dratsin'ny fiovaovan'ny toetr'andro
- Siansa sy fikarohana
 - o Fianteharana amin'ny vokatry ny fikarohana sy ny siansa

VI- NY TETI-BOLA MIFANARAKA AMIN'NY MIRALENTA

(Daty nanaovana azy : 02 febroary 2012 tamin'ny 09h00 – 11h00)

Tanjon'ny lohahevitra:

- Famakiana ireo tanjon'ny lohahevitra ao anatin'ny Boky toro-lalana pejy faha 55 Ity lohahevita ity dia mikendry ny famahavahana:
 - Ireo hevi-dehibe hoenti-miasa : ohatra ny fitantanana ny vola hirosoana amin'ny Miralenta sy ny fanampariahana ny fahalalana momba ny Miralenta
 - Ireo karazana rafitra ho fampiroboroana ny Miralenta efa miasa sy mahomby, ny mampety izany sy ny lafy ratsiny; ary ny mahatonga azy ho anisan'ny rafi-pitantanana ny amiralenta

Zavatra natao:

Fampiasana voalohany : ny lainga iainana eto an-tany

Nanao seho an-tsehatra ny mpizaika nentina namakafaka io tranga iray io. Notohizana tamin'ny fanadihadiana sy nanao tsoan-kevitra:

- Heverin'ny vehivavy fa tsy asa raha tsy mampidi-bola
- Raha dinihina anefa dia ny asa tena mandreraka no ataon'izy ireo
- Izy vehivavy ihany no manambany ny tenany
- Efa hevitra raiki-tapisaka amin'ny fiaraha-monina fa tsy misy dikany ny asa ataon'ny vehivavy ary tsy mitondra fampandrosoana

Fitsinjarana teti-bolan'ny Kaominina

Nijery teti-bola anakiray natao ohatra. Nojerena tamin'izany ny tombotsoa azon'ny lahy sy ny vavy amin'ny vinavinam-pampiasam-bola tsirairay avy. Nojerena ihany koa na mitsinjo ny miralenta na tsy mitsinjo io teti-bola io.

Rehefa izay dia natao ny andrana fitsinjarana nentina nanitsy io teti-bola vaovao io mba ho mitsinjo ny miralenta.

Ho ampiharina eto amin'ny Kaominina mihintsy io teti-bola mitsinjo ny miralenta io, ary izay koa no nitondra tamin'ny dingana fanitsiana drafitr'asa izany.

VII- FANITSIANA NY DRAFITR'ASA

(Daty nanaovana azy : 02 febroary 2012 tamin'ny 11h15 – 13h00)

Notsinjaraina ho tarika telo ny mpizaika ary samy nizarana ireo Drafitr'asa izay efa novolavolaina nandritra ny fanaovana ny Dingana faha 3. Isan'ny lasitra niaingan'ny fanitsiana natao isam-baomiera koa ny tatitr'ireo asan-tarika sy ny itambaram-be natao nadritra ireo roa andro sy tapany natao.

Rehefa izany dia niaraha-nandinika ny asam-baomiera tsirairay, ary dia niarahana nanao ny fanitsiana ireo tsanganana anaty Drafitr'asa.

Nanamafy ny hankatovany ireo fanitsiana tao amin'ny Drafitr'asa ireo solotenan'ny Mpanolontsaina kaominaly tonga nanatrika ity fampiofanana faharoa ity.

Fanangonana ireo bonnes pratiques :

(Daty nanaovana azy : 02 febroary 2012 tamin'ny 14h00 – 16h00)

Notsinjaraina ho an'ireo izay maniry ny handray anjara amin'ny fifaninanana indray ireo taratasy ho fenoina isaky ny sokajy. Nozahana aloha ny famenoana amin'ny Tanana ireo antotan-taratasy ireo. Efa nanokafaka fichier tsirairay tao anaty ordinateur ireo maniry ny handray anjara, ary navondrona tao amin'ny Biraon'ny Commune izany mba hahafahan'izy ireo mameno isaky ny mandalo.

VIII- FAMPIOFANANA MAHAKASIKA NY INTERNET

(Daty nanaovana azy : 03 febroary 2012 tamin'ny 09h30 – 13h00)

TANJONA

- ▶ Mahafehy ny fampiasana ny tranokala ny mpizaika
- ▶ Manana laharana e-mail ny tsirairay

VOTOATINY

Na dia teo aza ny tahotry ny mpizaika ny amin'ny hoe tsy hahavitany mampiasa izany teknolojia avolenta izany, dia nizotra araka ny tokony ho izy ihany ny fampiofanana. Ny ankamaroan'ny mpizaika dia voalohany teo amin'ny fiainany vao nikitika ordinateur izany. Nandritra ny fampiofanana dia niezahana ny nanaraka ireto dingana ireto:

1. Fampahafantarana ny mpizaika ny mombamomba ny ordinateur: fanoroana claviers, écran, famelomana, famonoana ordinateur
2. Fampahafantarana tsotra momba ny internet sy ny fitaovana ilaina aminy
3. Fijerena hafatra ao anaty boîte de reception, fandefasana mail amin'ny olona ifandraisana.
4. Fampianarana manao fikarohana anaty internet izay lohahevitra mahaliana ny tsirairay
5. Fanoroana amin'ny ankapobeny ny fanokafana adiresy mail sy ireo fepetra notakiana toy ny mot de passe sy ireo questions fanampiny



Fampiofanana internet sy fanokafana kaonty e-mail ho an'ny mpizaika

VOKATRA AZO

- 24 mpandray anjara izay solotena avy eo @ kaominina , de STD (santé , éducation , Force de l'ordre), Tantsaha , mpianatra , no voahofana
- Teo @ fihafaran'ny fivoriana dia nifanaraka ny rehetra fa hanokana fotoana hiarahana manomana miaraka ny famenoana ny formulaires bonnes pratiques
- Drafitr'asa mikasika ny miralenta sy ny ady atao @ herisetra nasiam-panovana ka nampidirana ny asa atao mahakasika ny fampandrosoana ara-toekarena ifotony, ny fiantrehana ny fiovaovan'ny toetrandro ary ny fiatrehana ny fiovaovan'ny toetr'andro
- Fahavitrihan'ny olona handray anjara @ fifaninana (somet national)
- Ny mpizaika 16 dia nahasokatra kaonty e-mail



Tovana A: FANDAHARAM-POTOANA

**ATRIK'ASA FAHAROA MOMBA NY FAMPANDROSOANA ARA-TOEKARENA;
FANDAMINANA DISADISA; FIOVOVAN'NY TOETR'ANDRO SY NY NY MIRALENTA**

Firenena : Madagasikara

Kaominina: AMBALAVAO

Toerana: efitrano malalaky ny Kaominina

Daty: 31/01/12-03/02/2012

Ora	Fandaharana	Tomponandraikitra
31/01/2012		
08h30-09h00	Fandraisana ireo mpizaika	Mpampiofana, Commune
09h00-09h15	Fametrahana ny tanjon'ny atrik'asa	Mpampiofana
09h15-11h15	Fanazavana ny momba ny sommet nasionaly, ny famenoana bonnes pratiques sy fanangonana azy	Mpampiofana
11h15-11h30	Pause café	Commune
11h30-13h30	Ny miralenta sy ny fampandrosoana ara-toekarena eny ifotony	Mpampiofana
13h30-14h00	Sakafo	Commune
14h00-16h00	Fandravonana ady sy disadisa	Mpampiofana
16h00-16h15	Tombana am-bava sy ny fandaharana rahampitso	Mpampiofana
01/02/2012		
08h30-09h00	Fandraisana ireo mpizaika	Mpampiofana, Commune
09h00-11h00	Ny serasera sy ny fampitam-baovao	
11h00-11h15	Pause café	Commune
11h15-13h00	Ny miralenta manoloana ny fiovaovan'ny toetr'andro	Mpampiofana
13h00-14h00	Sakafo	
14h00-16h00	Ny miralenta manoloana ny fiovaovan'ny toetr'andro	Mpampiofana
16h00-16h15	Tombana am-bava sy ny fandaharana rahampitso	Mpampiofana
02/02/2012		
08h30-09h00	Fandraisana ireo mpizaika	Mpampiofana, Commune
09h00-11h00	Ny teti-bola mifanaraka amin'ny miralenta	Mpampiofana
11h00-11h15	Pause café	Commune
11h15-13h00	Asa fanitsiana ny Drafitr'asa kaominaly	Mpampiofana
13h00-14h00	Sakafo	
14h00-16h00	Andrana famenoana sy fanangonana bonnes pratiques	Mpampiofana
16h00-16h15	Tombana am-bava sy ny fandaharana rahampitso	Mpampiofana
03/02/2012		
08h00-08h30	Fandraisana ireo mpizaika	Mpampiofana, Commune
08h30-11h15	Teknolojia vaovao sy ny internet	Mpampiofana
11h15-11h30	Pause café	Commune
11h30-13h00	Teknolojia vaovao sy ny internet	Mpampiofana
13h00-14h00	Sakafo	
14h00-15h30	Andrana famenoana sy fanangonana bonnes pratiques	Mpampiofana
15h30-16h00	Famenoana ireo fiche GMDC sy fiche d'évaluation	Mpampiofana
16h00-16h30	- Famintinana sy fisaorana ireo mpandray anjara - Fampahatsiahivana ireo dingana manaraka - Fanakatonana ofisialy	Mpampiofana, Commune



Tovana B: LISTR'IRESO MPANDRAY ANJARA

**ATRIK'ASA FAHAROA MOMBA NY FAMPANDROSOANA ARA-TOEKARENA;
FANDAMINANA DISADISA; FIOVOVAN'NY TOETR'ANDRO SY NY NY MIRALENTA**

Fandaharana : STAGE 5; 7 ary 8

Firenena : MADAGASIKARA

Toerana : AMBALAVAO

Daty : 31/01/2012 - 03/02/2012

N°	Anarana sy fanampiny	Sexe	Andraikitra sahanina	Téléphone/mail
01	RASOLOARIVELO Jean Paul	L	Sefo Fokontany Lohamandry	0334107057 jean.paulrasolo@yahoo.fr
02	RASOAZANANY Marie Thérèse	V	Sefo Fokontany Ambohimamory	0331735329 thérèse_marie@yahoo.fr
03	RAZAFIARISOA Jeanine	V	Lefitrin'ny Sefo Fokontany Ambohimamory	0331707534 jeanine9@yahoo.fr
04	SAMOELISON Olivier	L	Sefo Fokontany Moraitsiazo	oliviersamoelison@yahoo.fr
05	NOROSOA Nomenjanahary	V	Fikambanam-behivavy Maneva	0330820758 norosoa@yahoo.fr
06	ROSA Mamy Zafy Zhà	V	Fikambanam-behivavy Maneva	0330377940
07	RAKOTOMALALA	L	Sefo Fokontany Ambohidavenona	0341778583 rakotomalala2012@yahoo.fr
08	RAKOTONDRANAIVO Nirina	L	Fikambanana LOHARANO	0337537957 loharanoambalavao@yahoo.fr
09	RAFANOMEZANTSOA Daniel	L	Solotenam-piangonana FJKM Amboniandrefana	0330252454
10	RAKOTONIRINA Gervais	L	Cooperative-Mitsinjo	0326118082

11	RASOLOFOARINIVO Andrianantenaina Alphonse	L	Tale CEG Ambalavao	034 10 415 69/ 0331234270 Andrianantenaina.solofo@hotmail.fr
12	RAZANADRATSIMBA RAYMOND	L	Lefitri'ny Sefo Fokontany Lohamandry	
13	RAZAFINDRAKOTO Bernard	L	Sefo Fokontany Amboniandrefana	0330719276 razafindrakoto@yahoo.fr
14	RANIVONIRINA Mamy	V	Fikambanam-behivavy Maneva	0341041575 ranivonirinamamy@yahoo.fr
15	RANDRIASOLOFOSATA Jeanson	L	Lefitri'ny Ben'ny Tanàna kaominina Ambalavao	randriasolofosata@yahoo.fr
